Fitondrana Rajoelina 3

**Efa manao tsipaky ny miala aina**

Ny Valosoa sy Fakafaka 2

**Tsy mahataitra ny maro ny teleferikan'ny fitondrana**

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 29 aprily 2023 Laharana 1429 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Depiote Rastany sy TIM Boriborintany II 3

**Manohy ny fanentanana hanamarinana ny lisi-pifidianana**

Faritra Sava, Diana ary Sofia 2

# Tena talanjona ireo nolalovany mbola tena mijaridina Ravalo



Kolonely Rabe Jules 3

# Tsy ekena ny hangalarambato foana any Toliara



Kontsaina sy politika 2

# Hanampy an'i Ninie Donia ireo mpanakanto vehivavy



Lenoble sy Ahmad voaantson'ny IGE sy Bianco 2

# Fanapotehana ny Zanak'i Mahajanga no ataon'ny fitondrana





Tsaho momba ny covid-19 7

**Koperativa fitaterana miisa 8 mandray anjara amin'ny ady atao**

Ny Valosoa sy mahasoa 5

**Ny soa azo avy amin'ny zava-maniry tsotsorinangatra**

Daka kely

Tsy lasa intsony ity delestazy lavarenin'ialahy isany ity ry Boaikely a !

FARITRA SAVA, DIANA ARY SOFIA

# Tena talanjona ireo nolalovany, mbola tena mijaridina Ravalo

Tena talanjona avokoa ireo nolalovan'ny filoha Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, raha nahita azy akaiky, tamin'ny fandalovany tany amin'ny faritra Sava, Diana ary any amin'ny faritra Sofia izy amin'izao fotoana. Saika tsy nino avokoa ireo nahita ny tanjany, sy tena mbola mampijaridina an'i Dada. Tao aorian'ny tany Ambanja faritra Diana, hiatrika ny kongresim-paritry ny antoko TIM any amin'ny faritra Sofia izy anio, kongresy handraisan'ireo solontenan'ny antoko TIM, avy amin'ireo distrika mandrafitra ny faritra Sofia. Omaly tolakandro, nivory niaraka tamin'ireo tomponandraikitry ny TIM ao an-drenivohitry ny faritra Sofia izy, mahakasika ny fanatontosana ny kongresimparitry ny antoko TIM faritra Sofia hatao anio sabotsy hanomboka amin'ny 10 ora maraina. Fa ho famintinana ny diany tany Sava sy Diana, nanambara ny filoha Marc Ravalomanana fa:"nahafoy fotoana ianareo teto Ambanja anio nifanakalo hevitra tamiko. Aza avela ho raraka an-tany izao herim-ponareo izao. Fotoana hanovantsika ny tantara izao amin'ny alalan ny fifidianana. Koa andeha àry hifampitaona amin'ny havana aman-tsakaiza ho any amin ny Fokontany hisoratra anarana anaty lisi-pifidianana, ary hanamarina izany avy eo. Tsy mahalavi-tany ny fanarenana an'i Madagasikara. Nandalo teto Ambilobe aho rehefa avy nitety ny faritra SAVA. Tsy nisalasala isika ny nifampihaino sy nifanakalo hevitra. Manantena anareo aho fa samy hamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana ny tsirairay, hisoratra anarana ireo izay tsy nahavita izany." Mbola tsy ho latsa-danja amin'izay koa ny fanentanana hataony any Antsohihy anio, miandrandra azy, hanavotra indray ny vahoaka sy ny firenena ireo rehetra nolalovany tany amin'ny tapany avaratry ny Nosy tany.



*Ny fanomanana ny kongresim-paritry ny antoko TIM any Antsohihy.*

***Isambilo***

Lenoble sy Ahmad voaantson'ny IGE sy Bianco

# Fanapotehana ny Zanak'i Mahajanga no ataon'ny fitondrana

Araka ny vaovao azo avy amina Zanak'i Mahajanga, ivondronan'ny avy amin'ny faritra Sofia, Boeny, Betsiboka ary Melaky; sy ny feo amin'ny tambazotran-tserasera facebook, antsojay sy ramatahora ary fanapotehana atao amin'ny Zanak'i Mahajanga, izao niantsoana an'i Pierre Lenoble eny amin'ny IGE izao, sy ny fiantsoana an'i Ahmad Ahmad any amin'ny Bianco Mahajanga izao. I Lenoble dia zanaky ny faritra Sofia, Ahmad kosa dia zanaky ny faritra Melaky.

**HCDDED**

I Pierre Lenoble filohan'ny HCDDED dia voaantso teny anivon'ny IGE (Inspection Générale de l'Etat), teny Antaninarenina, omaly tamin'ny 10ora maraina. Tsiahivina, ny Filankevitra Ambony ho amin'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna, no miandraikitra ny fanaraha-maso ny fanajana ny toetra fototry ny fahefana, ny demokrasia sy ny fanajàna ny Fanjakana tan-dalàna, ny fanaraha-maso ny fampiroboroboana sy ny fiarovana ny zon'olombelona eto amintsika. Tao anatin'izany andraikitra izany, no nangatahan'izy ireo ny hevitry ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenana (HCC), ny mahakasika ny fombafomba nandravana ny fitsipaham-pitokisana ny Praiminisitra, izay solombavambahoaka 105 no nanao sonia azy.

Taorian'izay, dia nangataka ny hevitry ny Fitsarana avo momba ny Lalampanorenana, indray koa ny HCDDED, ny mety ho fandikan-dalàna nataon'ny Filoham-pirenena, raha nampiantso ireo Solombavambahoaka hiaona taminy.

Najanon'ny fitondrana mpanantanteraka ny asan'ity sampandraharam-panjakana ity, rehefa nolazainy fa tapitra ny fepotoam-piasany ny 23 martsa 2023, dimy taona taorian'ny nanendrena ireo mpikambana tao aminy.

Tamin'ny fanehoan-kevitra nataon'ny filohan'ny HCDDED, Pierre Lenoble Navony, tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray, no nanazavany, fa tsy tapitra tamin'ny volana martsa 2023 ny fe-potoam-piasan'ny mpikambana ao amin'ny HCDDED, fa amin'ny septambra 2023, satria ny fiandohan'ny fotoam-piasana dia ny andro nandraisana ny andraikitra. Tsy levon'ny vavon'ny fitondrana Rajoelina ny fanambarana nataon'i Lenoble, ka izao anenjehany azy izao mahakasika ny resaka nitantanany ity HCDDED ity.

**CAF**

Ankoatra izany, antsoin'ny birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly (Bianco) Mahajanga kosa ny talata 02 may 2023 ho avy izao, amin'ny 08 ora 30min maraina, ny Filohan'ny kaonfiderasionina afrikanina momba ny baolina kitra, na ny CAF teo, Ahmad Ahmad, noho ny fiahiahiana azy ho nanampatra fahefana, araka ny tatitra natao ny 03 febroary 2021.



*Lenoble sy Ahmad, samy enjehan'izao fitondrana Rajoelina izao.*

Efa filohan'ny federasionina momba ny baolina kitra malagasy i Ahmad Ahmad ny taona 2003, talohan'ny nahavoafidy azy ho Filohan'ny kaonfiderasionina afrikanina momba ny baolina kitra, izay nodimbiasan'i Raoul Arizaka Rabekoto, teo anivon'ny FMF.

Fa raha ny fiantsoan'ny Bianco Mahajanga, dia amin'ny maha Filoha teo aloha ny kaonfiderasionina afrikanina momba ny baolina kitra no hanadihadiana azy.

Ahmad Ahmad no nanova ny fifaninanana baolina kitra eto Afrika, ka nampakarana ho 24, raha 16 teo aloha, ny isan'ireo mpifaninana hiakatra hiady ny dingana famaranana ny fifaninanana tompon-daka Afrikanina.

Raha tsy nisy an'izay dia kely ny antoka nahatafakatra ny Barea hifaninana, izay nahatonga azy tafakatra hatrany amin'ny ampahefa-dalana tamin'ny Can 2019.

Niverina an-tanindrazana i Ahmad Ahmad, ka nanomboka nihetsika naka hevitra momba ny fitsinjaram-pahefana, ary anisan'ny nitodika tany aminy ny maro raha hirotsaka ho filoham-pirenena ity zanaky Melaky ity.

Efa sekreteram-panjakana momba ny fanatanjahantena i Ahmad Ahmad ny taona 1994-1995. Voatendry ho minisitry ny jono ny taona 2014-2016. Lasa Loholona, ka nitana ny andraikitra filoha lefitra teo anivon'ny Antenimierandoholona. Ary ny 17 martsa 2017 dia voafidy ho Filohan'ny kaonfiderasionina afrikanina momba ny baolina kitra, tamin'ny isa malalaka 54, raha nahazo isa 34 kosa ilay camerounais Issa Hayatou, izay nitana io andraikitra io nanomboka ny taona 1988. Arak'izany dia antony politika koa izao anenjehan'ny fitondrana Rajoelina azy izao.

**Ny Valosoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy mahataitra ny maro ny teleferikan'ny fitondrana

Tsy mahataitra ny maro ny teleferika ataon'ny fitondrana rah any fanadihadiana nataon'ny mpanao gazety. Marobe amin'ireo olona mandalo eny amin'ny Coliseum, Andronobe, Analamahitsy, no manao resaka mahita ny fanorenana fiantsonana na gara hatao hoan'ny Teleferika. Tamin'ny alahady teo dia nisy fotoam-bavaka teny amin'ny Coliseum, ka tsy vitsy ireo nilaza sy nanambara, fa tsy manintona ny ankamaroan'ny olona eny amin'ny manodidina eny ny handeha amin'io teleferika io, noho ny saran-dalana izay azo inoana, fa mety ho henjana hatrany, toy ny "bus class ", izay vitsy mpandeha noho ny saran-dalana atao aminy. Manahirana ny olona na ireo mpandeha ihany koa ny hiakatra eny Ambatobe raha hitaingina teleferika ho eny Ankorondrano ohatra. Tsorina anefa fa mba maro ihany ireo fiara mpitatitra na kaoperativa mandalo eny Analamahitsy, Ivandry, Ankorondrano, sns… ka tsy tokony handeha teleferika izany ny olona, fa mba fiara fitaterana tsotra hatrany. Tsiahivina ihany koa fa fiara fitaterana miisa arivo no lazaina fa ho ampiasaina eto an-drenivohitra, nafaran'ny fitondrana Rajoelina, nefa tsy mbola hita akory hatramin'izao faran 'ny volana aprily izao. Hita araka izany fa mbola tsy mazava amin'ny rehetra ny asa fitaterana eto amintsika, na ny fiaramanidina aza lasa Madagasikara Airlines ihany koa, nefa tamin'ny Air Madagasikara ihany no nampalaza azy sy ny firenena mihitsy aza. Resaka ny maro koa ny hoe, ny lalana ety ambany amin'ny arabe tsy vita, dia ny fitaterana eny ambony mitsigevana: teleferika indray ve no hahadodona?

**Beharo**

Kontsaina sy politika

# Hanampy an'i Ninie Donia ireo mpanakanto vehivavy



Hanampy an'I Ninie Donia, mpanakanto sady mpanao politika ireo vehivavy mpanakanto eto amintsika. Anisan'ny miantso ny mpanakanto vehivavy rehetra izay i Farah Johns, hifanome tanana sy hanampy an'i Ninie Donia amin'izao mahazo izao. Voaheloka higadra 18 volana an-tranomaizina izy araka ny didim-pitsarana nivoaka ny talata lasa teo. Efa nahavita 6 volana izy, ka 12 volana sisa hoy ny fianakaviany. Anisan'ny efa nandray andraikitra ny mpanakanto Vaney's, ka nilaza fa na tsy zanak'i Nosy-Be aza izy dia hanampy amin'ny maha samy artista sy maha samy vehivavy. Maro no efa nilaza, fa tsy rariny izao famonjana an'i Ninie Donia izao, noho ny antony ara-politika.

***Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Efa manao tsipaky ny miala aina

Azo lazaina tsy amim-piambahambana fa efa manao tsipaky ny miala aina ny fitondrana amin' izao Repoblika faha-4 andiany faharoa, tarihan-dRajoelina Andry, izay efa eo am-pototry ny fahataperan'ny fepotoana izao. Maro be ny velirano tsy vita hatramin'ny farany na tsy mbola natomboka mihitsy. Tsy takona hafenina fa misy ireo tetikasa efa natomboky ny fitondrana teo aloha dia niantsampazana na nezahina nofafana. Manamafy ireo ny fanenjehana sy fanaovana antsojay na fampidirana am-ponja ireo izay sahy mamotsipotsitra ny zavatra tsy manjary ataon'ny fitondrana. Etsy an-kilany anefa dia odian-tsy hita ny zava-doza mambotry firenena sy mampahantra ny mpiray tanindrazana ataon'ny mpiray petsapetsa amin'ny fitondrana. Tabatambazana kosa ireo eo anivon'ny foloalindahy, izay fantatra fa miseho eny amin'ny haino aman-jery, ka tsy manafina sy manambara am-pahibemaso ny fiarovany ny filohan'ny Repoblika ary tsy manaja intsony izany hoe: "la grande muette" izany. Raha tsiahivina dia nisy telo ambinifolo ny "velirano" nataon'ny filohan'ny Repoblika izay tsy voafaritra tao anatin'ny IEM na ny PEM na ny Plan Marshall, fa nambara teny ampanidinana rehefa miatrika vahoaka maro. Ny tena nanaovany fampanantenana dia ny tany Ambatondrazaka, fa tsy hanainga zipo intsony ny vehivavy sy ny fanamboarana ny Làlampirenena faha-44 ary ny fanamboarana ny Kianja Rasolonjatovo ho manarampenitra, tsy nisy akony intsony ireny amin'izao fotoana izao. Raha tena fampandrosoana no nokatsahin'izao fitondrana izao dia ny fanamboarana ireo barazy samba, sy ny famerenana amin'ny laoniny ireo lakandrano tototra eny amin'ny tanimbary ao Alaotra no tokony noezahiny. Fantatr'i Rajoelina Andry, fa efa nahazoana famatsiam-bola ny Làlampirenena faha-13, ka izay no nahasahiana nanambara, fa "tsy hanao politika intsony izy raha tsy vita ity Làlampirenena ity. Ampahany sivifolo kilometatra mahery kely sisa no ho vitaina, azo antoka anefa fa tsy ho vita ato anatin'ny telopolo ambizato andro mahery kely izany (efa-bolana eo ho eo) satria telopolo kilometatra isam-bolana izany no tsy maintsy vita. Tsy resahina ny "rocade" izay nampiana, fa ny fiantsonan'ny fiara fitaterana mihazo ny Faritany "Fisandratana" etsy Ambohimanambola no maneho ny fahambanian-tsaina sy mitory ny fahalemen'ny mpitondra. Mihevitra ny mpitondra milokom-boasary fa ho manana ny hery sy tanjaka ahafahany mifehy ny Malagasy izay tsy mihinana sakafo afa tsy sakafo ambany foitra sisa, ka ampihorohoroany izay sahy mamotsipotsitra sy mamoaka ny marina momba ny tsy fahombiazan'ny fitondrana eo amin'ny fitantanana ny Firenena. Eo koa ny fanampenam-bava ny mpanao gazety, ka isamborana sy fisavana ny trano sy fangalana ny fitaovam-piasan'ny orinasa toy ny an'ny "La Gazette de la Grande Ile". Tena manahirana amin'ny raharaha toy itony koa ny momba an'i Malama sy Berija ary Rolly Mercia izay hamoronana antotan-taratasy fotsiny izao. Ny fanaparam-pahefana sy fanararaotam-pahefana ataon'ny olomboafidy na olom-boatendry ao anatin'ny fitondrana tsy misy famotorana ary na misy fangataham-panazavana ataon'ny Vondrona Iraisam-pirenana, na ny Fiarahamonim-pirenena eto an-toerana aza dia manjavona ihany ireny. Anisan'ireny ny hazo sarobidy nasain'ny depiote iray notaterina ho aty an-drenivohitra, ka ny mpamily ny fiara indray no any am-ponja. Nanomboka tamin'ny tetezamita dia maro ireo manambonihitra ambony nahazo kintana roa na telo na efatra ao anatin'ny fotoana fohy tsy manaja ny fepotoana ahafahana miakatra amin'izany laharam-boninahitra izany. Tato ho ato izao dia maro ireo niakatra no jeneraly kanefa tsy fantatra avy amin'ny andiany fahafiry tao amin'ny Akademia Miaramila izy ireo, satria misy ireo tao amin'ny andiany tany aloha kanefa voadingana. Nalaza maneran-tany izany "la grande muette" izany ary tena manaja izany ny tafika rehetra, saingy ny eto amin'ity Nosy ity kosa dia manao fanambarana eny amin'ny haino aman-jery matetika ny mpitari-tafika, fa miaro ny filohan'ny Repoblika ary mampitandrina izay manozongozona ny sezan'ny filoha faratampon'ny foloalindahy, izay midika fa tsy "miaro ny vahoaka sy ny fananany" intsony. Tsy mahagaga raha mandry tsy lavo loha ny vahoaka, fa miadana sy matory am-pilaminana tsy misy mpanelingelina kosa ny manampehefana rehetra. Mbola ny ankohonana no faritan'ny Malagasy ho Firenena, ka tsy mahagaga raha tsy iainany sy tsy hampihariny eo amin'ny fiainany sy ny ataony rehetra an-davanandro ny tena "Fitiavana-tanindrazana".

**Andry Tsiavalona**

Kolonely Rabe Jules

# Tsy ekena ny hangalaram-bato foana any Toliara



*Kolonely Rabe Jules, sy ireo avy amin'ny KMMR Toliara.*

Manoloana ny tsy fahatomombana sy fisehoana endrika hangalaram-bato amin'ny fifidianana, noho ny fisiana fokontany matoatoa miisa 1024 any Toliara, nampakapeo ny kolonely Rabe Jules, tsy ekena hoy izy ny hangalaram-bato any an-toerana. Nambarany sy ireo mpiara-dia aminy fa:"olona tsy mponina ao amin'ny fokontany Besasavy, nampidirin'ny Ceni anaty lisi-pifidianana."

Efa nampoizina ity zava-mitranga ao Toliara ity, satria dia nolazaina fa misy fokontany vaovao izay miisa 1024 ao amin'ny faritanin'I Toliara . Nampiaka-peo ny Komity manohana an'i Marc Ravalomanana ao Toliara , noho izany, izay tarihin'ny kolonely Rabe Jules Filohan'ny KMMR Toliara. Nambarany fa:"nanao listes additives ry zareo , 684 no voasoratra ato. Amin'io 684 io dia ny 22 ihany no olona ao amin'ny fokontany Besasavy, mbola misy anaran'olona efa maty miisa 06. Ny olona 656 dia olona tsy hita ao amin'ny fokontany, fa olona avy any amin'ny distrikan'i Toliara I voasoratra aty ary mbola soratana ihany koa any amin'ny fokontany Besasavy. Misy olona avy any Sakaraha, avy any Morombe ary avy any Ankazoabo. Tsy vitan'ny hoe tsy manjary ity lisitra ity, fa maro ny olona tsy tafiditra ato anatiny ato nefa nisoratra anarana. Ny doublons ko ato dia mbola misy ihany. Ireto angamba ilay olona lazaina fa any amin'ny fokontany vaovao, satria isika angamba miara- mahita fa hoe misy 1024 fokontany noforonina anatin'ny faritanin'i Toliara. Fa maninona no faritanin'i Toliara ihany, sa gaigy ny olona aty Toliara ka aty no atao fangalaran-bato isan'andro? Nanaovana fangalaram-bato ity Toliara tamin'ny 2018 , fangalaram-bato mahatsiravina mihintsy. Dia mbola izay koa ve? Miala tsiny fa tsy hisy hanaiky an'izany! " hoy ity manambonihitra monina ao amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana ity.

**Niaina**

Depiote Rastany sy TIM Boriborintany II

# Manohy ny fanentanana hanamarinana ny lisi-pifidianana



*Hetsika fanentanana nataon'ny TIM Boriboritany faharoa.*

Manohy ny hetsika fanentanana amin'ny fisoratana anarana amin'ny lisi-pifidianana, sy fanarahamaso izany lisi-pifidianana izany, ny depiote avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriborintany faha-2, Randrianarisoa Stanislas, na depiote Rastany, sy ireo mpikatroka ao TIM ao amin'ity Boriboritany ity. Ny fokontany Andohanimandroseza no anisan'ny nanaovan'izy ireo hetsika tamin'ity herinandro ity. Mbola misy ny fotoana koa dia manentana hatrany ny mponina ao an-toerana ny TIM Boriborintany faha-2 hijery ny anarany ao anaty lisitry ny mpifidy, mba tsy ho very zo rehefa tonga ny fotoam-pifidianana ary manentana ireo mbola tsy nisoratra anarana hanatanteraka izany. Raha ny tarehi-marika, somary mbola latsaka ny mpifidy nisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana eto Antananarivo Renivohitra, mahatonga izao hetsika fanentanana ataon'ny antoko TIM izao.

**Stefa**

## TONONKALO

### Tsy anareo ny ampitso

Lany tamin'ny rendrarendra ve ny volam-panjakana ,
Ka manodin-tsaina sisa ny ao anaty fitondrana ?
Tena iniana tsy havoaka irony datim-pifidianana,
Fa vao hindram-bola indray satria manify ny eo an-tanana ?

Ny vahoaka raha izany no atao tohatra hitsahina,
Ka gejaina tsy hitaraina sy mazàna no fitahina ?
« Vary saosy » no anambazana ireo mahantra faraidiny,
Dimy arivo no ividianana izay mba zo aman-tsafidiny ?

Tsy hoe hitondra vahaolana no hitetezana ireo faritra,
Fa hihoerahoera hatrany , izay no hany mahafinaritra ?
Ary dia « kodiaran-droa » no nozaraina tato ho ato,
Ho an'ireo hiketriketrika ny hosoka sy ny hala-bato ?

Lany tamin'ny rendrarendra ve ny vola teo an-tanana,
Sa nomena nanambazana ireo mpanomam-pifidianana ?
…Andronao aloha ny anio , ianao mirehaka eny ambony,
Saingy raha ny ampitso kosa , tena tsy ho anao intsony !

*DADAN'i RIANA (26-04-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, Helisoa

**Ny TIM Boriborintany faharoa notarihan'ny depiote Rastany, nanentana momba ny lisi-pifidianana tao Andohanimandroseza.**









**Ny fandalovan'ny filoha Marc Ravalomanana tany Befotaka amin'ny RN6 iny.**





**Ny filoha Marc Ravalomanana nivory niaraka tamin'ny TIM Antsohihy, ho fanomanana ny kongresim-paritry ny antoko any amin'ny faritra Sofia anio.**





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa efa maty hianareo, ary ny fiainanareo miara-miafina amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra."*
***Kolosiana 3:3***

### Rugby Trophée Barthès U20, 2023

# Faha-6 no laharan'ny Makis U20, lavon'i Côte d'Ivoire

Lavon'i Côte d'Ivoire tamin'ny isa 16 noho 11 ny Makis U 20 Malagasy tamin'ny andro faha-2 amin'ny fifaninana rugby fiadiana ny amboara « Trophée Barthès U 20 2023 » izay notontosaina tamin'ny alarobia 26 aprily 2023 lasa teo tao amin'ny kianja Nyayo Stadium Nairobi Kenya izay sady lalao fiadian-toerana faha-5 ity rahateo.

***Rainilita***



*Makis U20, 2023.*

### Rugby

# Mitohy ny « Championnats » lahy sy vavy

Mitohy ny fifaninana rugby « Championnat de Madagascar 2023 D-2 sy D-1 vehivavy » ary ny "Championnat de Madagascar Elite Federale XXL Top 20 2023 » izay tontosaina eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka avokoa amin'ity faran'ny herinandro ity. Fandaharan-dalao « Championnat de Madagascar 2023 Féminine » D-1 sy D-2 Asabotsy 29 aprily 2023 (Tsy misy vidim-pidirana) : Sokajy D-2- 09:00 : Fanja Anjanahary # Rosa Antohamadinika, 11:00-Sabnam Sabotsy # Uasc Cheminot. Sokajy D-1- 13:00 : Scb Besarety # Ftm Manjakaray, 15:00-Ftfa Antohomadinika # Rcts Soavimasoandro. Fandaharan-dalao « Championnat de Madagascar Elite Federale Top 20 2023 » Alahady 30 aprily 2023 (Ankizy : 1000 ar, Lehibe : 3000 ar, Tribune : 10.000 ar) : 09:00-Ftba Andohatapenaka # XV Avenir Andohatapenaka, 11:00-Tfma Ankasina # XV Fa Ampasika, 13:00-3Fb Fahasalamana # Us Ikopa Andohatapenaka, 15:00-Tam Anosibe # Tfa Anatihazo.


*Rugby XXL Top 20, 2023.*

***Rainilita***

### Orange Pro-League 2022-2023

# Hitohy ny fanatanterahana an'ireo lalao tara

Hitohy rahampitso alahady 30 aprily 2023 indray ny fanatanterahana an'ireo lalao tara tamin'ny fifaninanana "Orange Pro-League 2022-2023". Fandaharan-dalao samy hanomboka amin'ny 14:30 avokoa : Asa Diana # Uscafoot (kianja monisipaly Antsiranana), Tffc # Ajesaia (kianja sentetika Ambohidratrimo), Dato Fc # Elgeco Plus (kianja sentetika Manakara), Disciples Fc # 3Fb Toliara (Kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass).

***Rainilita***

*Orange Pro League 2022-2023.*




### Tolona

# Mpanazatra sy mpitsara lalao miisa 26 niatrika fiofanana


*Fiofanana mpanazatra sy mpitsara tolona.*

Mpanazatra sy mpitsara lalao tolona Malagasy niisa 26 no niatrika fiofanana niaraka tamin'ireo manam-pahaizana vahiny telo mirahalahy tetsy nandritra ny 5 andro maninjitra. Notanterahina tamin'ny talata 25 aprily 2023 lasa teo, tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, ny fotoam-pizarana ny taratasimpanamarinana ho an'ireto mpanazatra sy mpitsara lalao ireto. Tonga nanontrona izany ireo Tale isan-tsokajiny eto anivon'ny Minisitera izay nisolontena an'Atoa Minisitra tompon'andraikitra.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Ovy sy totokena omby na khimo indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny zava-maniry tsotsorinangatra na katsakatsa (Senna Occidentalis)

Ny soa azo avy amin'ny zava-maniry tsotsorinangatra na katsakatsa (Senna Occidentalis) indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zava-maniry be fofona izy ity.

Manadio 100% ny voa, ny taova rehetra ,misoroka ny AVC, manavao ny sela amin'ny hoditra mba tsy hiketrona , manamainty sy tsy maha fotsy haingana ny volo, mety amin'ny olona mitohana lava, azo hitsaboana ny vato ao amin'ny afero, manala sy manadio ireo poizina entin'ny toaka , sigara , paraky, taharo simika ,... Azo atao dite, na atao sakafo ny raviny.

Fakany fito(7) no ilaina.

Fakany 1 isanandro no ampiasaina ampiarahama amin'ny rano 1 litatra. Rehefa mangotraka ny rano vao alatsaka izy dia avela hangotraka kely fotsiny. Intelo isanandro raha resaka tension no ihinanana azy 1 vera isaky ny misotro.



Ny fanaovanay azy:

ampangotrahana ny rano 1 l, arotsaka ao ny fakany iray antonontonony efa voadio. Ajanona 2 min dia esorina.

Misotro 1kopy maraina sy hariva.

Tsy mangidy be izy amzay. Ny faharetany ny fanaovana azy: 7 andro.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Soanierana Ivongo distrikan'i Soanbierana Ivongo faritra Analanjirofo



Ny tanànan'i Soanierana Ivongo distrikan'i Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Soanirena Ivongo iray amin'ireo kaominina 8 mandrafitra ny distrikan'i Soanierana Ivongo ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Soanierana Ivongo ihany koa. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 11 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny reniranon'i Marimbona ihany koa ity tanàna ity. Eo aminy no miainga raha hiampita ho any amin'ny Nosy Sainte-Marie, misy seranban-tsambo madinika ao amin'ity tanàna ity. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 : RN5 koa i Soanierana Ivongo. Vokatra any ny jirofo, ny lavanila, ny kafe. Mpanjono koa ny mponina any Soanierana Ivongo, ankoatra ny mpamboly sy mpiompy.

Hazovato Forello Expo

## Nanofana ireo mpandray anjara mba hanome fahafahampo ny mpitsidika



Mba hisian'ny fomba fijery matihanina ho an'ny mpandray anjara, ho fanomezana fahafaham-po ny mpanjifa mandritra ny "Fim" (Foire Internationale Madagascar), izay hotanterahina ny 11 mey 2023 ka hatramin'ny 14 mey 2023 ho avy izao, etsy amin'ny "Zone Forello" Tanjombato, no anton'ny fanofanana nataon' ny mpikambana ao amin' ny "Hazovato Forello Expo", izay mpikarakara ny hetsika. Nanazava Ramatoa Ramanantsoa Harilala, mpiandraikitra iray ao amin'ny "Hazovato Forello Expo", fa laharampahamehana nandritra ny fivoriana natao ny fametrahana "Co-responsabilité" ho an'ireo orin'asa na fikambanana na "Fondation", misehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ao anatin'ny fandraisana andraikitra amin' ny ankapobeny. Nanohy fanazavana ny mpikarakara, fa hita nandritra ny fiofanana natao ho an'ny mpandray anjara, ny fanomezana sehatra an'ireo orin'asa madinika sy salantsalany, mba hiserasera miaraka amin'ireo orin'asa goavana sy efa matihanina, mba hahafahan'ireto farany mampahafantatra ny mombamomba azy amin'ny sehatra iraisam-pirenena ihany koa. Nanamafy Ramatoa Ramanantsoa Harilala, fa hahita zava-baovao izay misy eto Madagasikara ny mpitsidika ny "Fim" ary fotoana iray hahafahan'ny orin'asa sy ny mpandray anjara, mampiseho sy mampahafantatra ny vokatra sy ireo tolotra ananany, ho an'ny olompirenena Malagasy hatrany ivelany ny "Exposition Fim".

***Franck Razakambelo***

Tenisy Ambony Latabatra Malagasy

## Handray anjara amin'ny « Coupe d'Afrique 2023 »

Handray anjara amin'ny fifaninanana « Coupe d'Afrique 2023 de tennis de table » i Madagasikara ka atleta 4 no hisolo tena antsika amin'izany fifaninanana izay hatao any à Nairobi Kenya amin'ny 4-5-6 mey 2023 ho avy izao izany. Marihana fa ity fifaninanana ity dia « Tournoi qualificatif pour les J.O Paris 2024 ». Ireo mandrafitra ny delegasiona Malagasy : Rakotoarimanana Fabio (Champion d'Afrique de l'Est), Raharimanana Karen (Championne d'Afrique de l' Est ), Razafinarivo Antoine (Vice Champion d'Afrique de l'Est), Dimbimiarilanitra Harena ( Vice Championne de Madagascar), Andrian Jean Luc (Coach), Rakotoarisoa Tahiry(Chef de la délégation/Coach ).

***Rainilita***



*Mpilalao Tenisy ambony latabatra Malagasy.*

ANS Ampefiloha

## Mpanabe samihafa niofana ho Mpanentana fanetseham-batana




*Fampiofanana teny amin'ny ANS Ampefiloha.*

Mpanabe samihafa niisa 37 avy amin'ny boriborintany 6 mandrafitra ny kaominin'Antananarivo renivohitra izay ahitana toerana maromaro toy izao : •Cisco Tana Ville naome Mpanabe ambaratonga voalohany, •Ny Akany ao amin'ny CUA, •Ny association Tana, •Ny association Grandir dignement, •Association Un Enfant c'est l'Avenir, •Association Un Enfant par la main, •Académie Nationale des Sports no niatrika fiofanana ho Mpanenta fanetseham-batana nanomboka tamin'ny alatsinainy 17 aprily ka hatramin'ny alakamisy 20 aprily 2023 lasa teo. Notontosaina tao amin'ny ANS Ampefiloha tamin'ny talata 25 aprily 2023 lasa teo ny fotoampamaranana ny fampiofanana azy ireo tetsy amin'ny ANS Ampefiloha hatrany. Ny tanjona tamin' ity hetsika ity dia ny hampiasana amin'ny fanabeazana sy fampiroboroboana ny fihetsehana ara-batana mirindra (Éducation et développement de la motricité) izay nokarakarain'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny Akademia Nasionaly momba ny fanatanjahatena (ANS) niarahany amin'ireo mpiara-miombon'Antoka Fondation Axian sy ny Hetsika Mvola.

***Rainilita***

Ankoay U19 Zatovolahy Malagasy

## Nahazo fanamiana mafana avy amin'ny orinasa Creazzy

Nahazo fanamiana mafana avy amin'ny orinasa Creazzy France tarihan-dRtoa Razafimbelo Cynthia ny "Ankoay" na ireo mpilalaon'ny Ekipam-pirenen'ny basikety U19 lehilahy malagasy sy ireo Staff manara-dia azy ireo. Tamin'ny alarobia 26 aprily 2023 teo no nanolorany an'izany tao amin'ny Kianja mitafo Richard Dacoury any Rennes Frantsa taorian'ny fanazarantena nataon'ny Ekipa. Mitondra famporisihana sy Hery hoan'ireo Mpilalaontsika ny fihetsika fiaraha-mientana manohana azy ireo toy izao ka hanoloran'ny FMBB "Fédération Malagasy de Basket Ball" ny Fisaorana hatrany ho an'ireo rehetra manohana an'ity Ankoay U 19 ity sy fisaorana manokana ho an-dRtoa Razafimbelo Cynthia sy ny orinasany. Tsiahivina hatrany fa ny Ankoay U 19 zatovolahy dia handray anjara amin'ny « Coupe du monde de basketball U19 » any Debrecen Hongrie amin'ny 24 jona ka htramin'ny 2 jolay 2023 ho avy izao.

***Rainilita***




*Fanolorana fanamiana mafana ny Ankoay U19.*

Rugby 2è Manche du tournoi 7s Challenger Series

## Andro faharoa amin'ny dingana faharoa anio




*Fikotranan'ny Ladies Makis 7s any Afrika Atsimo.*

Nanomboka omaly zoma 28 aprily ka hifarana rahampitso alahady alahady 30 aprily 2023 ny dingana faharoa amin'ny fifaninanana rugby « 2è Manche du tournoi 7s Challenger Series » hotontosaina any amin'ny kianja "Markotter Stadium, Stellenbosch SOUTH AFRICA" ka ao amin'ny vondrona D no misy ny Ladies Makis 7s Malagasy. Fizaram-bondrona Pool A : Tonga, Italy, Chile, Jamaïca, Pool B : Germany, Uganda, Brazil, South Korea, Pool C : Hong Kong-China, Belgium, Zimbabwe, Papua New Guinea, Pool D : South Africa, Thailand, Magascar, Paraguay, Pool E : Begium, Czechia, Colombie, Papua New Guinea, Pool F : China, Poland, Hong Kong-China, Mexico.

***Rainilita***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 15/04/2023 hatramin'ny 22/04/2023**

- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1429-04-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TSAHO SY VAOVAO TSY MARINA MOMBA NY COVID-19**

# Koperativa fitaterana miisa 8 mandray anjara amin'ny ady atao

Kaoperativa fitaterana miisa 8: AMBININTSOA, FIFAFIMA, KOFITAMA, KOMAFILA, KOFIMI, MALAKIA, KOFITAM ary KOFIMANGA, no resy lahatra amin'ny maha-zava-dehibe ny fanentanana ny olom-pirenena amin'ny loza ateraky ny fanjifana vaovao tsy marina momba ny Covid-19, sy ny fahasalamana amin'ny ankapobeny. Arak'izany dia nanaiky maimaimpoana izy ireo ny ampiasana ny tambazotram-pitateriany, mba ho entina hanaparitahana ireo hafatra fototra amin'ny hetsika fanentanana fampahalalam-baovao sy fifandraisana, novolavolain'ny ONG Haiserasera Manonga Dia (CID), ao anatin'ny tetikasa Rooted in Trust 2.0 Madagascar. Raha atambatra dia afisy miisa 900 no napetaka tamina fiara miisa 600, ka anisan'izany ny fiara fitateram-bahoaka sy ny taxi-brousse. Ny fanoloran-tenan'ireo koperativa ireo dia fandraisana anjara lehibe, amin'ny fanentanana amin'ny ady amin'ny fiparitahan'ny tsaho sy ny vaovao tsy marina momba ny Covid-19, sy ny fahasalamana amin'ny ankapobeny. Ity hetsika ity dia nokarakaraina mba hahenika olona 89.000 isan'andro.



*Solontenana koperativa, miara-miasa amin'ny Internews, vatsian'ny USAID vola.*

Tsiahivina fa ny hetsika fanentanana nataon'ny ONG CID dia niatomboka tamina fifaninanana afisy fanairana, tamin'ny volana desambra 2022, izay niompana tamin'ny lohahevitra "Andeha isika hiara-hientana handrava ny rohi-tsaho manodidina ny Covid-19". Olona maherin'ny 85.000 tamin'ny tambanzotran-tserasera no voakasik'ity hetsika ity. Ho fanitarana ity fampielezan-kevitra ity, ny afisy izay nandresy tamin'ny safidin'ny mpijery dia natonta tamin'ny endrika roa samihafa ary naparitaka eny anivon'ireo toerana ahitana taha ambony amin'ny fampiasana finday : fitateram-bahoaka ,fiara karetsaka, biraompitantanana, hopitaly, tobim-pahasalamana ary fivarotam-panafody. Ity fametrahana afisy ity dia mikendry ny hampivelatra fahaiza-misaina mitsikera amin'ny fanjifana vaovao mahakasika ny fahasalamana. Izany dia tafiditra ao anatin'ny tetikasa Rooted In Trust 2.0 Madagascar, tontosain'ny Internews ary vatsian'ny USAID vola.

***Aly***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Fitaovana amin'ny fanatanterahana ny Vinan'Andriamanitra

Tsikaritra, fa miha miseho hatrany ireo olom-pirenena sady tompondraikitra mitovy hevitra amin'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) momba ny fanarenana ity firenena ity. Anisan'izany, ny fialàna amin'ny fiankinan-doha amin'ny tsy maintsy ilàna vola avy any ivelany raha hanao tetikasa amin'ny sehatra samihafa. Miharihary aza ankehitriny ny amin'ny fiandrandrana famatsiam-bola amin'ny hamenoana ny vola hantanterahana ny fifidianana. Hatreto tsy fantatra mazava hoan'ny sarambabem-bahoaka ny fizotrany sy ny niafaràny io resa-bola momban'ny fanatanterahana ny fifidianana io.


Misy ihany koa ny fiheverana, fa ny vahoaka malagasy ihany no harena voalohany ka mila fikarakarana tanteraka satria izy môteran'ny toekarena. Misy ireo olom-pirenena ihany koa milaza, fa mbola misy ny fanantenana ny amin'ny hiarenan'ity firenena ity, ary misy ny lalana azo izorana ho amin'izany manoloana ny harena misy eto. Tsy sarotra ny manarina sy mampisandratra an'i Madagasikara, fa mitaky ny fijoroana sy ny fandraisan'andraikitry ny olom-pirenena izany. Manentana an'izany mandrakariva ary tsy sasatra ny AFK. Ny azy fotsiny, ny fiheverana sy ny tanjona iavahany amin'ireo hafa, dia ambony fijery satria miainga avy amin'ny vinan'Andriamanitra ho an'ity firenena ity izay hampamirapiratra azy aoriana kely. Ny fanatannterahana io vina io, ary ny AFK no fitaovana amin'izany izay milofo fatratra manao ny ezaka rehetra amin'izany. Efa marobe ireo asa natao izay niainga avy amin'ny fanadihadiana lalina nanerana ny Nosy, sy ny fandraketana ny vokatry ny fikarohana anaty boky miisa fito (7). Ny vokatra atolotry ny AFK, dia voaporofo ara-tsiansa fa mitombina tanteraka ary azo antoka fa hahatafarina an'i Madagasikara sy hampisandratra azy. Ny asa hatao ao anatin'izany, dia tsy miankiana amin'ny I.D.E na famatsiam-bola avy any ivelany, fa miainga amin'ny ato anatiny (I.D.A.). Mitaky fiaraha-mientana anefa io, ary iray izay indrindra no iantsoan'ny AFK ireo resy lahatra sy vonona ho amin'izany hanatrika ny loabariandasy sy varavarana misokatra izay karakarainy. Ireo olona liana amin'izany, ny fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 431**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0430)

***Mitsivalana***
- Ilaozana
- Mando – OM
- Dimy
- Ror(a) – Anio
- Basy (miv) – Ora
- Nanome
- AA – Lma

***Mitsangana***
- Imerina
- La – Osa
- Andrana
- Ody – BOA
- Zoma
- Leony (miv)
- No – Ia
- Amboara

## TENY MIFANAPAKA N° 431



**Mitsivalana**

**1.** Manao sangisangy **2.** Taranaka mamboly (miv) – Fanafohezana ny minitra **3.** Maneho ny fiangonana **4.** Hazo maro – Ohatra – Ranom-bava **5.** Atao amin'ny fomba mora **6.** Tiany, iriny **7.** Tampisaka – Alon-dranomasina **8.** Marika – Ao amin'ny fery **9.** Karatra matanjaka – Ankizy kely taona – Naoty **10.** Tovano – Volana

**Mitsangana**

**A.** Miahiahy, kanosa **B.** Biby (miv) – Reraka, tsy ampy hery **D.** Nalahatra tsara, tsy mikorontana **E.** Lavitra – Harena (BL) – Zandarimaria **F.** Nanaovanay antsoantso tsy fankatoavana **G.** Mpisolo tena – Voaray, tra-tehaka **H.** Fanontaniana **I.** Mahazo tampoka tsy ampoizina **J.** Nivadika zavatra hafa – Fototongotra **K.** Fanitarana – Zava-maniry masiaka

### Valiny Teny mifanaraka 0430

**Mitsivalana**

**1.** Hasasarana **2.** Ivy – O.I **3.** Tononkalo **4.** Sotro – Piso **5.** Arovy **6.** Reny – (V)al(o) **7.** Alika (miv) – Atao (miv) **8.** Nenina – Tao **9.** Fitiavana (miv) **10.** Aia ? – Divay

**Mitsangana**

**A** Hatsarana **B.** OO – Ekena **D.** Sintoninay **E.** Rova (miv) – Avily (miv) **F.** Sinoa – Ana **G.** Ra – Dia (miv) **H.** Roapolo – Ti **I.** Vilia (miv) – Vita (miv) **J.** Osy – Tafa **K.** AG – Hao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Mbola akon'ny dian'ny filoha Marc Ravalomanana tany Ambanja faritra Diana.









Ny fahatongavan'ny filoha Marc Ravalomanana tany Antsohihy faritra Sofia.







